# Ilay Voa Tsara Nafafy 20 Aogositra 2018

# 20 Alatsinainy aogositra

**Miala aina ny olona, ary aiza izy ?** Joba 14. 10

**Miomàna hihaona amin'Andriamanitrao.** Amosa 4. 12

***(Hoy Jesosy :)*** **Izaho no fananganana ny maty sy fiainana ; izay mino Ahy, na dia maty aza, dia ho velona indray.** Jaona 11. 25

## Tsy namiratra hoe ?

Taona vitsivitsy lasa izay, tao antampon-tanànan'i Paris (renivohitr'i Frantsa), dia nisy filaharan'olona lava toa tsy hifarana, nandroso moramora. Mpanao fampisehoana, mpanao hatsikana, mpitaingina soavaly no nanaraka sarety rakotra voninkazo, ary nisy feo niantsoantso hoe : „Tiako raha mihomehy, tiako raha mandihy, tiako raha miala voly tahaka ny adala isika, rehefa asitrika ao anaty lavaka aho". Fiaram-paty tarihina soavaly fotsy roa no nialoha lalana, mizotra mankany amin'ny toerana handevenana mpanao hatsikana iray malaza, namono tena. Nanafatra izy mba ho fety ny fandevenana azy. Ny ampitso dia nisy mpanao gazety nanoratra hoe : „Namiratra ny fandehanany". Dia tena izany tokoa ve ?

Iza moa no tena te hihomehy ny fahafatesana, na ny fahafatesan'ny hafa izany na ny an'ny tenany ?

Tsy azo vazivazina ny fahafatesana, satria didim-pitsarana notononin'Andriamanitra ho an'ny zanak'olombelona, izay voamariky ny ota. Ny tena maha miezinezina ny fahafatesana, dia noho izy mampiditra ny olona ho amina toetra tsy azony ovaina intsony. Mifarana mantsy ny fotoana amindran'Ariamanitra fo amin'ny olona tsirairay, eo amin'ny fara fofonainy. Ambaran'ny Baiboly antsika fa fahavalon'ny olona ny fahafatesana. Saingy efa resy izy : „ny fahafatesana noresena ka levona" (1 Korintiana 15. 54). Efa resy ny fahafatesana, noho ny nahafatesan'i Jesosy sy ny nitsanganany tamin'ny maty, ary ho foana tanteraka, indray andro any (Apokalypsy 21. 4). Raha mino izany isika, dia tsy hatahotra ny fahafatesana intsony, ary tsy hitady hihaika azy akory.

Koa raha te „hamiratra rehefa hiala amin'ity fiainana ity", dia tokony hiomana dieny izao mbola velona izao. Ary tokana ihany ny fomba hahatanterahana izany, dia ny fihaonana manokana amin'i Jesosy Kristy, Ilay Mpamonjy.